# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Jolay 2018

# 11 Alarobia
jolay

**Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana...**
Hebreo 9. 27

**Satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.**
Romana 5. 1

**Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy.** Romana 8. 1

## Ny fotoana sy ny mandrakizay

Falifaly erỳ ireto tanora fito handeha hamonjy takarivam-pandihizana. Tsy noeritreretiny fa io no ho farany, ho an'ny dimy amin'izy ireo, aoriana loza fifandonana hiteraka fahafatesana. Tamin'ny taona lasa dia mpandeha fiaramanidina dimampolo amby zato no nadiva ho tonga tany Alemaina. Tsy nisy, na iray aza, nanampo fa ho lasa any amin'ny mandrakizay izy ireo, afaka segondra vitsivitsy. Anio koa, dia olona maro no handao izao fiainana izao. Ary indraindray dia tonga tampoka, tsy mampandre, ny fahafatesana.

Mampianatra anao momba izany ny Baiboly : „Tsy mahalala ny ho ampitso ianareo. Inona moa ny ainareo ? Fa zavona ihany ianareo, izay miseho vetivety, dia levona." (Jakoba 4. 14).

Tao anaty fahoriana mafy i Joba no niantsoantso hoe : „Faingana noho ny famahanan-tenona ny androko, ka lany tsy misy fanantenana" (Joba 7. 6). Isika ve efa vonona ho any ankoatra ? Ny kristiana dia manana fanantenana, miorina amin'ny asampitiavana nataon'i Jesosy Kristy, Izay maty mba hanome fiainana mandrakizay ho antsika ; fahazoana antoka, izany, io fanantenana io.

Ry mpamaky, raha mbola tsy noheverinao izany resaka izany, fantaro fa Andriamanitra kosa dia mihevitra ny aminao. Tiany hitodika aminy ianao. Manana fikasana ho anao Izy, tsy ho an'ny fiainanao eto an-tany fotsiny, fa ho an'ny mandrakizay koa. Nanatona anao Andriamanitra, tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Zanany. Hampahafantariny anao ny „efa namboarin' Andriamanitra ho an'izay tia Azy" (1 Korintiana 2. 9). Raiso ny fahasoavany, amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa nanatanteraka ny zava-drehetra mba hanananao ny fahasambarana mandrakizay.